

# Aretin-koditra

# 15

Ny aretin-koditra sasany dia avy amin'ny aretina na firehetana mahazo ny hoditra irery ihany—toy ny tsindoha, fitsovahana ateraky ny taty, na mibontsin-drano. Ny aretin-koditra hafa dia famantarana aretina izay mahazo ny vatana iray manontolo—toy ny fitsovahana ateraky ny kitrotro na fery, faritra maina mihofaky ny *pellagre* (tsy fahampian-tsakafo). Ny karazam-pery na endriky ny hoditra sasany dia mety ho famantarana aretina mahery vaika—toy ny raboka, angatra, habokana, na tsimokaretina VIH.

Ity toko ity dia tsy miresaka afa-tsy ny aretin-koditra eny amin'ny faritra ambanivohitra. Na izany aza dia an-jatony maro ny aretin-koditra. Ny sasany amin'ireo dia mitovy fiseho ka sarotra ny manavaka azy—noho izany dia mety somary ho samihafa ny antony sy ireo fitsaboana manokana ilaina amin'izany.

**Raha mahery vaika na miharatsy ny aretin-koditra na dia efa tsaboina aza dia mitadiava fanampian'ny mpitsabo.**


Maro amin'ireo aretin-koditra no azo sitranina amin'ny fitandroana ny fahadiovan'ny vatana. Ezaho ny misasa amin'ny savony malefaka sy rano madio in-drainy isan'andro. Raha lasa maina loatra ny hoditra dia ahenao ny fanasana azy ary aza mampiasa savony hatrany. Ezaho ny manosotra itony atao hoe *gel* vita amin'ny solitany (*Vaseline*), *glycerine*, na menaka vita avy amin'ny zavamaniry amin'ny hoditra rehefa avy mandro. Manaova akanjo malalaka vita amin'ny landihazo.

## IREO FITSIPIKA ANKAPOBENY AMIN'NY FITSABOANA NY ARETIN-KODITRA

Na dia mila fitsaboana manokana aza ny aretin-koditra dia misy fepetra ankapobeny afaka manampy anao:


### FITSIPIKA #1

Raha toa **mamay** sady manaintaina ilay faritra misy aretina, na misy nana mitsiranoka dia tsaboy amin'ny **hafanana** izany. Asio lamba lena mamay eo amboniny (kaompresy mahamay).



### FITSIPIKA #2

Raha toa mangidihidy, manindrona, na mandranoka rano ilay faritra misy aretina dia tsaboy amin'ny **hatsiaka** izany. Asio lamba lena mangatsiaka eo amboniny (kaompresy mangatsiaka).




**FITSIPIKA #1** (amin'ny antsipirihiny bebe kokoa)

Raha toa maneho famantarana otrikaretina mahery vaika ilay hoditra, toy ny:

- mamaivay (mena na mihamainty ilay hoditra manodidina ilay faritra misy aretina)
- mivonto
- manaintaina
- mafana (tsapa fa mafana ilay izy)
- misy nana

Dia ataovy izao manaraka izao:

- ◆ Aza etsehina ilay faritra misy aretina ary ataovy miakatra ambony (ataovy ambony noho ny vatana manontolo).
- ◆ Asio lamba kely mamay sy lena eo amboniny.
- ◆ Raha toa mahery vaika ilay otrikaretina na misy hafanana ilay olona dia omeo antibiotika izy (penicilline, sulfonamide, na erythromycine).




Ireo famantarana ny loza dia misy ireto manaraka ireto: atody tarimo mivonto, tsipika mena na matroka eo ambonin'ilay faritra misy marary na misy fofona maimbo. Raha tsy mihatsara izany mandritra ny fitsaboana dia mampiasà antibiotika ary mitadiava dokotera haingana.

**FITSIPIKA #2** (amin'ny antsipirihiny bebe kokoa)


Raha misy mibontsin-drano miforona na votsy, na mitsiranoka, mangidihidy, manindrona, na toy ny may, dia ataovy ireto manaraka ireto:

- ◆ Asio lamba nolemana tamin'ny rano mangatsiaka nasiana vinaingitra fotsy (vinaingitra 2 sotro fihinanana ao anaty rano nampangotrahina sy nampangatsiahina 1 litatra).
- ◆ Rehefa mihatsara ilay faritra misy aretina, tsy mitsiranoka intsony, ary misy hoditra malefaka vaovao niforona dia osory fangarona talc sy rano moramora (ampahana talc 1 hoan'ny ampahan-drano 1).
- ◆ Rehefa sitrana tsara ka mihamatevina na miepaka dia asio menaka vita amin'ny zavamaniry na menaka natao ho an'ny vatana ilay hoditra vaovao mba hanalefaka azy.




**FITSIPIKA #3**

Raha toa eo amin'ny faritry ny vatana izay azon'ny masoandro matetika ilay hoditra marary dia arovy amin'ny masoandro izany.




**FITSIPIKA #4**

raha toa saron'ny akanjo matetika ilay faritry ny hoditra marary dia aseho masoandro mandritra ny 10 hatramin'ny 20 minitra isan'andro izany.
















**Toromarika fampiasàna kaompresy mahamay(Hot Soaks)**
















1. Ampangotraho ny rano ary ampangatsiaho mandrapahatantiny tananao ny hafanany.
2. Avalony ny lamba madio ary ataovy ngeza kokoa noho ilay faritra tianao ho tsaboina, mandoy ao anatin'ny rano mamay ilay lamba ary fihazony rano mihoatra.
3. Apetraho eo amin'ilay faritra marary ilay lamba.
4. Fonosy plastika na *Cellophane* manify ilay lamba.
5. Fonosy amin'ny servieta mba hihazonana ny hafanana.
6. Ampiakaro ambony hatrany ilay faritra marary.
7. Rehefa mihamangatsiaka ilay lamba dia avereno ao anaty rano mamay indray ka avereno ireo fihetsika etsy ambony






















ARETIN-KODITRA—Torolalana Hamantarana Azy

RAHA MISY:	ARY MIENDRIKA:	METY VOAN'NY:___	JEREO NY PEJY:	
Fery kely na toy ny mony	Fivontosana na fery kely mangidihidy be—voalohany eo anelanelan'ny rantsantanana, na tonon-tanana, na andilana.		lagaly	199
	Mony na fery kely misy nana na fivaivay, matetika avy amin'ny fihaorana ny kaikitra ny bibikely. Mety hiteraka fivontosan'ny atody tarimo.		Otrikaretina avy amin'ny bakteria	201
	Fery kely mikitaontaona, miparitaka niaraka amin'ny mihofaka mangirana sy mavo.		Bay mitsiranoka (Otrikaretina avy amin'ny bakteria)	202
	Mony eo amin'ny tarehin'ny zatovo, indraindray eo amin'ny tratra sy ny sandry, Matetika misy nana ny lohany.		mony, mibontsibontsina, tainkoditra	211
	Fery eo amin'ny taovam-pananahana.		angatra <i>venereal lymphogranuloma</i>	237 238
	tsy mangidihidy na manaintaina.		403	
	manaintaina sy misy nana.	<i>chancroid</i>		
Fery lehibe misokatra, na ferin'ny hoditra	Fery lehibe maharitra (tsy mety sitrana) voadidina hoditra miloko volomparasy—eo ambony na akaikin'ny kitrokely mahazo ny olona nahazo taona misy varisy.		Fery avy amin'ny tsy fikorinan'ny rà tsara (mety ho diabeta)	213 127
	Fery eo ambonin'ny taolana sy tonon-taolan'ny olona marary be ary tsy afa-miala eo am-pandrina.		Fery ateraky ny fateriana maharitra	214
	Fery arahana tsy fahenoana ny tongotra na ny tanana intsony. (Tsy marary na tsindronina amin'ny fanjaitra aza).		Habokana	191
	Mivonto avy eo lasa fery tsy mety sitrana, eo amin'ny vatana na tarehy.		<i>Leishmaniose</i>	406
	Fivontosana mafana sy manaintaina, izay mety hisokatra sy hamoaka nana.		mamory nana na vay 202	202
Fivontosana ambanin'ny hoditra	Fivontosana mafana sy manaintaina eo amin'ny nonon'ny vehivavy mampinono.		Mastitis (otrika retina avy amin'ny bakteria) mety ho homamiadana	278 279 279
	Fivontosana izay tsy mitsaha-mitombo. Matetika tsy manaintaina amin'ny voalohany.		homamiadana (jereo ihany koa ny atody tarimo)	88 227
	Fivontosana iray na maromaro eo amin'ny loha, ny hatoka sy ny faritra ambonin'ny vatana (na ny afovoan'ny vatana sy ny fe)		Fahajambana - ateraky ny kaikitry ny aloiloy	88

## Torolalana Hamantarana Azy


RAHA MISY:	ARY MIENDRIKA:	METY VOAN'NY:	JEREO NY PEJY:
Atody tarimo mivonto 	Ny atody tarimo eo amin'ny ilan'ny tenda izay tsy mitsahamiskatra sy misy olatra.	 <i>scrofula</i> (karazana raboka)	212
	Ny atody tarimo eo amin'ny teta izay tsy mitsahamiskatra sy misy olatra.	 <i>venereal lymphogranuloma chancroid</i>	238 403
pentina lehibe na mihofaka 	Mihofaka miloko matroka eo amin'ny andrina sy takolaky ny vehivavy mitondra vohoka.	 saron-tavan'ny bevohoka	207 208
	Miepaka, faritra mihofaka toy ny main'ny masoandro eo amin'ny sandry, ranjo, tenda na tarehy	 <i>pellagre</i> (karazana tsy fahampiantsaako)	209
	Pentina mainty kely eo amin'ny hoditra na vava ary mihalehibe. Miendrika mangana mivonto. Tsy marary izy ireo.	 <i>Kaposi's Sarcoma</i> (KS, homamiadana mifandraika amin'ny otrikaretina VIH).	399-401
	Pentina volomparasy na fery mivaofy eo amin'ny ankizy mivonto tongotra.	 tsy fahampiantsaako	208 209
mihofaka boribory na mikitaotaona eo amin'ny tarehy na vatana indrindra eo amin'ny ankizy.		 <i>tinea versicolor</i> (holatra mifindra)	206
fotsy	Mihofaka fotsy, indrindra amin'ny tanana, tongotra na molotra.	 miantomboka amin'ny mony mena na mangana. miantomboka tsy misy famantarana hafa.	Pinta (otrikaretina) 207
	Mihofaka mena na mibontsin-drano eo amin'ny takolaka na ao amin'ny laferana sy ambadiky ny kihon'ny zaza.	 Farasisa	216
mivoaramena	Faritra mena, mamay, manaintaina izay mitombo vetivety.	 <i>erysipelas</i> (cellulite na otrikaretina mahery vaika avy amin'ny	212
	Faritra mivoaramena eo anelakelampen'ny zazakely.	 bakteria fitsovahana ateraky ny fivalanan-drano na hafanana	215
	Faritra mena toy ny hena misy fotsy toy ny ronono eo amin'ny fivalonan'ny hoditra.	 <i>moniliasis</i> (otrikaretina ateraky ny leviora)	242
Mivoaramena na volondavenona	Mihofaka mivoaramena na volondavenona misy miepaka milokom-bolafotsy indrindra eo amin'ny lohalikasy kiho; maharitra ela.	 <i>Psoriasis</i> (na raboka indraindray)	216 212

## Torolalana Hamantarana Azy

RAHA MISY:	ARY MIENDRIKA:	METY VOAN'NY:	JEREO NY PEJY:
	Votsy isotra, tsy ngeza be. 	Votsy mahazatra, (ateraky ny otrikaretina)	210
 Votsy	Mibontsina kely toy ny votsy mitombo eo amin'ny filahiana, fivaviana na manodidina ny lava-body. 	Votsy eo amin'ny filahiana	402
	Faritra mibontsina kely toy ny votsy eo amin'ny faritra hafa amin'ny vatana.	Hatim-pisaka	202
	Votsy lehibe (mihoatra ny 1 sm.), matetika eo amin'ny sandry na tongotra. 	Karazana raboky ny hoditra	212
 Boribory (faritra misy sisiny mivoitra na menamena, matetika dia mazava n'yeo afovoany)	Faritra kely boribory tsy mitsaha-mitombo na miparitaka ary mety hangidihigy 	Tsindoha (holatra mifindra)	205
	Faritra boribory lehibe matevina ny sisiny ary tsy mangidihidy 	Angatra efa mandroso be	237
	Faritra boribory lehibe miloko fotsy na mazava ary lasa voly eo afovoany (tsy reny ny tsindron'ny fanajitra) 	habokana	191
	Faritra boribory kely, indraindray misy lavaka kely eo afovoany eo amin'ny firifana, orona na hatoka 	Homamiadan'ny hoditra	211
 marika amin'ny hoditra na tandomerina	fitsvahana mangidihidy be, mibontsina, na na faritra mitampelaka (mety mandalo haingan'ny hany) 	tsy fahazakana	203
 Mibontsin-drano	Mibontsin-drano, mangidihidy be ary mitsiranoka 	nikasika zavatra tsy zaka (toy ny poizina ivy na sumac)	204
	Mibontsin-drano kely eo amin'ny vatana rehetra ary misy hafanana 	Nendramboalavo	311
	Faritra mibontsin-drano miseho eo amin'ny Lafy irain'ny vatana, toy ny tsipika Na mitangorona 	Herpes zoster (zona)	204
	Faritra miloko volondavenona na volontany mamofona maimbo mibontsin-drano sy rivotra ary miparitaka 	Fery mandoaka (otrikaretina mampidi-doza ateraky ny bakteria)	213
	Pentina kely miloko mena na irehetana eo amin'ny hoditra; misy hafanana 	Firehetana manerana ny vatana mahazo ny zaza marary be	Kitrotro
	Aorian'ny andro vitsy nanaviana misy pentina manopy mavokely miseho amin'ny Vatana, marary be ilay olona 	Tefoedra	188

## LAGALY (HIDIHIDY MAHARITRA FITO TAONA)

Ny lagaly dia mateti-pitranga eo amin'ny ankizy. Miteraka bontsibontsika kely mangidihidy izay mipoitra eraky ny vatana izy io, saingy tena miseho indrindra eo amin'ny:



Elanelan'ny ratsana  
hato-tanana  
Manodidina ny valahana  
Eo amin'ny filahiana  
Elakela-tongotra  
Tsy mitranga eny amin'ny loha na ny tarehy—raha tsy eo amin'ny zazakely



Ny fery kely mangidihidy eo amin'ny filahiana sy ny *scrotum* eo amin'ny zazalahikely dia saika lagaly avokoa.


Ny lagaly dia ateraky ny bibikely—mitovy amin'ny kongona kely—izay mandavaka anatin'ny hoditra. Mifindra amin'ny alalan'ny fikasihana ilay hoditra voany na akanjo na lambam-pandriana izany. Ny fihorana azy dia mampisy otrikaretina mamokatra fery misy nana, indrindray mampivonty ny atody tarimo na mampisy hafanana. Rehefa vao voalohany voan'ny lagaly ny olona iray dia mety ho 2 hatramin'ny 6 herinandro vao hitranga ny famantarana. Raha toa efa voan'ny lagaly ilay olona teo aloha dia mety hitranga ao anatin'ny 1 hatramin'ny 4 andro ny famantarana.

### Fitsaboana:


- ◆ Raha voan'ny lagaly ny olona iray dia mila tsaboina ny olona rehetra ao anatin'ny ankohonany. Toy izany koa ny firaisana ara-nofy rehetra.
- ◆ Ny fahadiovan'ny vatana dia zava-dehibe tokoa. Mandroa ary soloy isan'andro ny akanjo.
- ◆ Tapaho fohy kely ny hoho mba hampihenana ny fifindrany sy ny otrikaretina.
- ◆ Sasao ny akanjo sy ny lambam-pandriana rehetra, ny tena tsara dia ampangotraho izany. Ahazo amin'ny masoandro izany ho maina.
- ◆ Aza asiana biby mipetraka ao an-trano.
- ◆ Mampiasa menaka fanosotra permethrin (Elimite, jereo 372). Voalohany aloha dia sasao tsara amin'ny savony sy rano mafana ny vatana rehetra. Avy eo dia osory ilay menaka ny vatana manontolo afa-tsy ny tarehy, raha tsy hoe voa ihany koa. Avelao eo mandritra ny 10 hatramin'ny 14 ora, avy eo dia mandroa indray. Akanjo madio tsara no anaovy ary lambam-pandriana madio no ampiasao isaky ny avy manao ny fitsaboana. Avereno ny fitsaboana rehefa afaka herinandro.
- ◆ Aza mampiasa menaka fanosotra misy lindane. Ny lindane dia poizina!
- ◆ Raha tsy afaka mahazo permethrin dia andramo ny crotamiton (Eurax, Crotan) saingy fadio ny mampiasa izany amin'ny zaza latsaky ny 3 taona.
- ◆ Na azonao atao ihany koa ny mampiasa vovoko solifara nafangaro tavin-kisoa, Vaseline na menaka fanosotra amin'ny vatana – afangaroy amin'ny ampahana solifara 1 ny tavin-kisoa na menaka ampahany 10. Aza ampiasaina amin'ny zaza latsaky ny 1 taona. Hosory amin'ny vatana manontolo (anjoatran'ny tarehy) in-3 isan'andro mandritra ny 3 andro. Ajanony avy hatrany ny fampiasana azy raha toa mitombo ny fivaivay na misy famantarana tsy fahazakana hafa mitranga (jereo p. 166).
- ◆ Raha tsy misy mandaitra ireo fitsaboana ireo dia azonao atao ny manome fatra ivermectin (jereo p. 377), avy eo dia avereno omeo ilay fatra indray mandritra ny 10 hatramin'ny 14 andro. Io no fomba tsara indrindra ho an'ny olona voan'ny VIH.

Ny hidihidy sy ny fivaivay dia mety haharitra hatramin'ny roa herinandro aorinan'ny fitsaboana. Raha maharitra ela kokoa izany dia mety niverina ilay aretina na tsy nandaitra ny fitsaboana. Raha mbola tsy afaka ihany ireo famantarana aorinan'ny 2 herinandro dia avereno indray ny fitsaboana na mampiasa fomba fitsaboana hafa. Tadiodio ihany koa ny mamerina ny fomba fisorohana.

## HAO



Misy karazany 3: hao amin'ny loha, hao amin'ny vatana, hao amin'ny filahiana/fivaviana (na 'foza') izay miaina ao anatin'ny faritra misy volo amin'ny vatana. Ny hao dia miteraka hidihidy, indraindray aretin-koditra ary fivontosan'ny atody tarimo. Mba hisorohana ny hao dia tandremo tsara ny fahadiovan'ny vatana.



Sasao matetika ny akanjo sy ny lambam-pandriana ary ahazo amin'ny masoandro izany. Mandroa matetika ary sasao matetika ny loha. Jereo ny matetika ny volon'ny ankizy. Raha misy hao izy ireo dia esory avy hatrany izany raha tsy izany dia hifamindra hao eo foana izy ireo. Aza avela miara-matory amin'ny hafa ireo ankizy misy hao.

*Fitsaboana:*

**Ho an'ny hao amin'ny loha sy amin'ny filahiana/fivaviana:** azonao atao ny manala ny hao tsy mila mampiasa fanafody amin'ny alalan'ny fanosorana savony na savony fanasàna loha mandritra ny 10 minitra ny loha. Kobano tsara ary hogoy tsara amin'ny fihogo mifanetiny nify mba hahazoana antoka ny fanalana ny hao sy ny atodiny. Avereno isan'andro mandritra ny 2herinandro.



Aza mampiasa savony fanasàna loha misy lindane. Ny lindane dia poizina! Raha tsy mandaitra ny savony fanasàna loha fampiasanao, ny savony fanasàna loha misy fanafody toy ny pyrethrins (RID) na permethrin (Nix) dia mandaitra, saingy araho tsara ny toromarika. Aza avela mahazo ny maso izany, jereo tsara sao tsy zakanao ary fadio ny mampiasa izany raha mitondra vohoka na amin'ny zaza latsaky ny 2 taona.

Rehefa avy manala hao dia tsy maintsy esorinao ihany koa ny atodi-hao. Raha foy ireo atody dia hiverina indray ireo hao. Efa nampiasa fitsaboana maro ireo olona fa ao anatin'izany hatrany ny fihogoana ny volo. Avereno isan'andro izany mandritra ny 2 herinandro mba ahazoanao antoka fa afaka tsara daholo ny hao sy ny atodiny.


- ◆ Osory menaka olive ny loha. Hampiendaka ny atodin-kafo izany ka ho mora ny hanala azy amin'ny fihogo mifanetiny nify. Misy olona sasany mahita fa ny menaka toy ny méla-leuca, romarin, na kininina (mety hafana be izy io!) dia mandaitra tsara, saingy misy ny olona sasany no tsy mahazaka azy ireo.
- ◆ Lomy amin'ny rano nafangaro tamin'ny vinaingitra ny volo (Fatra vinaingitra 1 ho an'ny fatra rano 1) mandritra ny antsasak'adiny, avy eo dia hogoy amin'ny fihogo mifanetiny nify.

**Ho an'ny hao amin'ny vatana:** Alonay ao anaty rano mamay fandroana isan'andro mandritra ny 10 andro ny vatana manontolo. Rehefa avy nilona dia sasao tsara amin'ny savony ny vatana ary kobano tsara. Mampisà fihogo mifanetiny nify ho an'ny faritra be volo rehetra. Raha azo atao dia tsaboy toy ny mitsabo lagaly. Ataovy madio tsara foana ny akanjo sy ny lambam-pandriana.



## KONGOM-PANDRIANA

Ireo dia bibikely mandady kely dia kely, fisaka, miloko mena-volontany izay miafina any anaty kidoro, fandriana, fanaka sy rindrina. Matetika izy ireo no manaikitra amin'ny alina. Ny kaikitra dia miendrika vondrona na tsipika.



Mba handringanana ireo kongom-pandriana dia sasao amin'ny rano mangotraka na andrahoy ao anaty fatana mamay (mihoatra ny 120°F/50°C) mandritra ny 20 minitra farafahakeliny ny lambam-pandriana. Raha mahita tany misy *diatomite* ianao (famonoana bibikely natoraly), dia aparitaho manodidina ny fandriana izany mba hiarovana amin'ireo kongom-pandriana tsy handady hiakatra. Azonao atao ihany koa ny mamafy fangarona rano, alikaola sy ranon-tsavony fanasam-bilia mitovy fatra, amin'ny kidoro, sisim-pandriana sy ny toerana hatorinao. Afafazo amin'ny toerana rehetra mety hiafenan'ny kongom-pandriana io fangaro io ary avelao ho maina. Mety tsy maintsy averinao im-betsaka mandritra ny 2 herinandro io fihetsika io. Ny pyrethrin na permethrin (jereo ny Hao, eo ambonny) dia mety handaitra ihany koa.

Mba hisorohana ny kongom-pandriana dia ahazo matetika amin'ny masoandro ny lambam-pandriana, kidoro sy ny lambam-pandrian'ny ankizy.



## KONGONA

Ny sasany amin'ny otrikaretina mahery vaika na fahalemena dia ateraky ny kaikitry ny kongona. Saingy ny fanesorana izany am-pitandremana ao anatin'ny ora vitsy dia misoroka ireo olana ireo. Noho izany dia jereo avokoa ny vatana manontolo rehefa avy nandeha tamin'ny toerana be kongona.

Rehefa manala kongona izay miraikitra be, tandremo tsy ho adino ao anatin'ny hoditra ny lohany satria mety hanonitra izany. Aza sintonina eo amin'ny vatany mihitsy ny kongona.



Raha hanala kongona amin'ny fitaovana fanongotana volo, hazony manakaiky indrindra ny vavany ilay kongona— ilay faritra miraikitra amin'ny hoditra. (Ezaho ny tsy hamihina ilay kibony mibontsina). Sintony moramora fa hazony tsara ilay kongona. Aza kasihina ilay kongona vao avy nesorina. Mba hamonoana ilay kongona dia dory, na asio afokasoka mirehitra eo akaikiny, na raraho alikaola.

Raha hanala kongona faran'izay kely dia ampiasao ny iray amin'ireo fanafody natoro hoan'ny lagaly (jereo p. 199). Mba hanamaivanana ny hidihidy na fanaintainana ateraky ny kaikitry ny kongona dia mihinana aspirinina ary araho ireo toromarika ho an'ny fitsaboana ny hidihidy ao amin'ny p. 203.

Mba hisorohana ny kongona tsy hanaikitra anao dia raraho vovoka solifara ny vatanao mialohan'ny andehanana eny an-tsaha na any anaty ala. Singanina manokana ny kitrokely, hato-tanana, valahana, ary ny helika.

## FERY KELY MISY NANA

Ny otrikaretin'ny hoditra miendrika fery kely misy nana matetika dia avy amin'ny fihaorana amin'ny hoho maloto ny kaikitry ny bibikely, ny lagaly na firehetana hafa.

Fitsaboana sy Fisorohana:

- ◆ Sasao tsara amin'ny savony sy rano nampangotrahana sy nampangatsiahana ilay fery, esory moramora ireo tako-pery. Ataovy isan'andro izany raha toa mbola misy nana.
- ◆ Avelao ho azon'ny rivotra ireo fery kely. Bandio ireo fery lehibe ary soloy matetika ilay bandy.
- ◆ Raha mena na mamay ilay hoditra manodidina ireo fery, na misy hafanana ilay olona, na misy tsipika mena avy amin'ilay fery, na mivonto ny atody tarimo, mampiasa antibiotika—toy ny vongana penicillin (p. 351) na vongana sulfa (p. 356).
- ◆ Aza haorina. Vao maika mampihombo ireo fery izany ary hanaparitaka ny otrikaretina amin'ny faritra hafa amin'ny vatana. Tapaho fohy kely ny hohon'ireo zaza madinika. Na asio fonon-tanana na ba kiraro ny tanan'izy ireo mba tsy hihaorany.
- ◆ Aza avela hilalao na hatory hiaraka amin'ny ankizy hafa ilay zaza misy fery na aretin-koditra. Mora miparitaka ireny fery ireny.



## BAY MITSIRANOKA

Izy ity dia otrikaretina avy amin'ny bakteria izay miteraka fihanaky ny fery misy tako-pery mangirana miloko mavo haingana be. Matetika dia miseho eo amin'ny tarehin'ny zaza izy io indrindra manodidin ny vava. Ny bay mitsiranoka dia mora mifindra amin'ny olona hafa avy amin'ireo fery na rantsantanana misy ilay otrikaretina.



Fitsaboana:

- ◆ Sasao amin'ny savony sy rano nampangotrahana sy nampangatsiahana in-3 hatramin'ny in-4 isan'andro ilay faritra voakasiky ny aretina, endaho moramora ny tako-pery.
- ◆ Isaky ny avy manasa izany dia asio *violet de gentian* ireo fery (p. 370) na osory antibiotika miendrika menaka fanosotra misy bacitracin toy ny Polysporin (p. 370).
- ◆ Raha toa ka lehibe ny faritra iparitahan'ireo fery ka miteraka hafanana izany dia omeo cloxacillin na dicloxacillin (p. 350). Raha tsy mahazaka fanafody ao anatin'ny fianakaviamben'ny penicillin ilay olona na tsy mandaitra aminy ireo fanafody ireo dia andramo ny doxycycline (p. 355) na cotrimoxazole (p. 357).

Fisorohana:

- ◆ Araho ny Torolalana ho an'ny Fahadiovan'ny Vatana (p. 133). Ampandroy isan'andro ny ankizy ary arovy amin'ny kongona sy ny lalitra manaikitra izy ireo. Raha voan'ny lagaly ny zaza iray dia tsaboy haingana izy.
- ◆ Aza avela matory na milalao miaraka amin'ny ankizy hafa ny zaza voan'ny bay mitsiranoka. Antombohy ny fitsaboana vantany raha vao mitranga ny famantarana voalohany.

## HATIM-PISAKA


Ny hatim-pisaka dia aretina avy amin'ny bakteria izay miantomboka amin'ny mivonto kely tsy manaintaina izay mipoitra, mihalehibe ary mety hiparitaka kely. Rehefa aorian'ny 6 volana dia manjavona ny fivontosana. Volana na taona vitsy aty aoriana dia miverina mitranga indray ilay izy ka vao maika miparitaka ary mety hivoa-drano. Amin'izay fotoana izay dia hifindra amin'ny olona izy io. Hanjavona ihany koa ireo famantarana ireo. Saingy raha tsy voatsabo ao anatin'ny 5 na 10 taona ny hatim-pisaka dia mety hiparitaka manerana ny vatana, hanimba ny taolana, ny tonontaolana, ary hiteraka olana hafa.

Fitsaboana:

- ◆ Na dia misy ifandraisany amin'ny angatra aza ny bakterian'ny hatim-pisaka dia mifindra amin'ny alalan'ny fifandraisana ara-batana fa tsy ara-piraisana ara-nofy izany. Ny hatim-pisaka dia afaka tiliana amin'ny fomba fitiliana ny angatra ary afaka tsaboina amin'ireo fanafody sy fatra hitsaboana ny angatra (jereo ny pejy 237 hatramin'ny 238).

## VAY SY NANA

Ny vay, na ny baivonto, dia otrikaretina mamory nana ao ambanin'ny hoditra. Mety hitranga izy io rehefa misy otrikaretina ny fakam-bolo iray. Na mety avy amin'ny ratra nateraky ny tsindrona na tsindrona natao tamin'ny fanjaitra maloto. Ny vay dia manaintaina ary ny hoditra manodidina azy dia lasa mena sy mamay. Mety hiteraka fivontisan'ny atody tarimo sy hafanana izany.



Fitsaboana:

- ◆ Asio kaompresy mamay eo ambonin' ilay vay ka averimbereno matetika ao anatin'ny andro (jereo p. 195).
- ◆ Avelao ho vaky ho azy ilay vay. Rehefa vaky izany dia tohizo foana ilay kaompresy mamay. Avelao hivoaka ho azy ny nana, fa aza potserina mihitsy ilay vay satria hiteraka ny fiparitahan'ny otrikaretina amin'ny faritra hafa amin'ny vatana izany.
- ◆ Raha marary be ilay baivonto ka tsy vaky ao anatin'ny 2 na 3 andro hitsaboana azy amin'ny kaompresy mamay dia mety handaitra ny famakiana izany mba hivoahan'ny nana. Hanampy hampihena ny fanaintainana eo no eo izany. Raha azo atao dia mitadiava dokotera.
- ◆ Raha miteraka fivontosan'ny atody tarimo na hafanana ilay vay dia mihinàna vongana penicilline (p. 351) na erythromycin (p. 354) na dicloxacillin (p. 350), mihinàna 500 mg in-4 isan'andro mandritra ny 7 andro.

## HIDIHIDY MITSOVAKA, MARIKA AMIN'NY HODITRA NA TANDOMERINA (TSY FAHAZAKANA MISEHO EO AMIN'NY HODITRA)

Ny fikasihana, fihinanana, fitsindronana, na fiainana amin'ny orona zavatra sasantsasany dia mety hiteraka hidihidy mitsovaka na tandomerina eo amin'ny olona tsy mahazaka. Raha hijery izany amin'ny antsipiriany dia jereo ny Tohana, p. 166.



Ny tandomerina dia teboka matevina sy mivonto, na faritra mena toy ny tsindron'ny tantely ary mangidihidy be. Mety mitranga ary mandalo vetivety izy io na mety hifindrafindra toerana.


Diniho tsara ny mety tsy fahazakana ateraky ny fanafody sasany, indrindra ny tsindrona penicillin sy fanalam-poizina na antitoxine avy amin'ny serôma azo avy amin'ny soavaly. Ny fitsovahana na tandomerina dia mety hitranga ao anatin'ny 10 minitra hatramin'ny 10 andro aorinan'ny fanindronana ilay fanafody.

**Raha toa misy fitsovahana, tandomerina, na tsy fahazakana samihafa mangidihidy be aorinan'ny fihinanana na fitsindronana fanafody dia ajanony avy hatrany ny fampiasana izany ary aza mampiasa izany intsony mihitsy mandrapahafatinao!**  
Zava-dehibe tokoa ny misoroka ny TOHANA (jereo p. 70).

Ny fanafody ampiasain'ny olona voan'ny VIH dia mety hiteraka fitsovahana, indrindra ny cotrimoxazole (p. 357) sy ny nevirapine (p. 397). Indraindray dia azo atao ny misoroka ny fitsovahana amin'ny fanombohana amin'ny fanafody kely fotsiny aloha ary ampitomboina miandalana ny fihinanana izany mandrapahatonga amin'ny fatrany feno.

Fitsaboana ny hidihidy:

- ◆ Mandroa amin'ny rano mangatsiaka na mampiasa kaompresy mangatsiaka —lamba nolemanana tamin'ny rano mangatsiaka na mamananala.
- ◆ Ny lambakely nolemanana rano misy flocons d'avoine ihany koa dia mampihena ny hidihidy. Ampangotrako ao anaty rano ny flocons d'avoine, tatavano, ary ampiasao ilay rano rehefa mangatsiaka. (Ny tavolo ihany koa dia azo ampiasaina eo amin'ny toeran'ny flocons d'avoine).
- ◆ Raha mahery vaika ny hidihidy dia mihinàna *antihistaminique* toy ny chlorpheniramine (p. 386).
- ◆ Mba hisakanana ny zaza tsy hihaotra ny tenany dia tapaho fohy kely ny hohon-tanany na asio fonon-tànana na fonosy ba kiraro ny tànany.




## IREO ZAVAMANIRY SY ZAVATRA HAFA METY HITERAKA HIDIHIDY NA MAMAIVAY EO AMIN'NY HODITRA

Ny tsilo, 'hazo manindrona', sumac, 'poison ivy', sy zavamaniry maro miteraka mibontsin-drano, fitsovahana, na tandomerina mangidihidy rehefa mikasika ny hoditra. Ny rano na volon'ny fanday sasantsasany sy bibikely hafa dia mahatonga ireo tsy tranga ireo koa.

Eo amin'ny olona tsy mahazaka, ny fitsovahana na fery mitsiranoka dia mety ateraky ny zavatra sasany izay mikasika na apetraka eo amin'ny hoditra, kiraro vita amin'ny fingotra, tadim-pamataranandro, fanafody araraka ao anaty sofina sy fanafody hafa, menaka fanosotra amin'ny tarehy, ranomanitra, savony dia mety hiteraka olona hafa.

### **Fitsaboana:**

Ireo firehetana rehetra ireo dia afaka ho azy rehefa tsy mikasika ny hoditra intsony ireo zavatra niteraka izany. Ny feta vita amin'ny flocons d'avoine sy rano mangatsiaka dia manampy manala ny hidihidy. Ny aspirin sy antihistamines (p. 385) dia manampy ihany koa. Amin'ny tranga mahery vaika dia azo atao ny mampiasa menaka fanosotra izay misy cortisone na cortico-steroid (jereo p. 370). Mba hisorohana ny otrikaretina dia ataovy madio hatrany ilay faritra mitsovaka.




## ZONA (HERPES ZOSTER)

### **Famantarana:**

Fitsovahana manaintaina miendrika tsipika na faritra mena izay miseho tampoka eo amin'ny lafin'ny vatana dia mety ho *zona*. Ny toerana hitrangany matetika dia eo amin'ny lamosina, tratra, hatoka na tarehy. Matetika ny fitsovahana dia maharitra 2 na 3 herinandro avy eo dia miala ho azy. Indraindray mitohy ny fanaintainana, na miverina fotoana maro aorian'ny fialàny.

Ny zona dia avy amin'ny otrikaretina izay miteraka ny nendram-boalavo ary mahazo ireo olona izay efa voan'ny nendram-boalavo teo aloha. Tsy mampidi-doza izy io saingy mety hanaintaina be. Mety ho famantarana voalohany ny aretina mampidi-doza hafa izy io—mety ho homamiadana na tsimokaretina VIH (jereo p. 399).



### **Fitsaboana:**

- ◆ Asio bandy maivana eo amin'ilay mitsovaka mba tsy hikasokasohan'ny akanjo aminy.
- ◆ Mihinana aspirinina ho an'ny fanaintainana. Ny acyclovir dia mety hanakana ny fibontsin-drano ateraky ny herpes tsy hihanaka (jereo p. 373). Tsy manampy ny antibiotika.

## TSINDOHA (HOLATRA MIFINDRA)

Ny otrikaretina tsindoha dia mety hitranga na aiza na aiza eo amin'ny vatana, saingy miseho indrindra eo amin'ny:

Hodi-doha  
(holatra  
mifindra)

Faritra tsy misy  
volo (tsindoha)

Eo anelanelan'ny  
rantsan-tongotra na  
tanana (athlete's  
foot)

Eo anelakelam-pe  
(hidihidy)



Ny ankabeazan'ny tsindoha dia miendrika boribory. Matetika izy ireo dia mangidihidy. Ny tsindoha eo amin'ny loha dia miteraka faritra boribory mihofaka sy fihintsanan'ny volo. Ny hohon-tanana sy tongotra voan'ny tsindoha dia lasa mafy sy matevina.

### Fitsaboana:

- ◆ Savony sy rano. Ny fanasana ilay faritra marary amin'ny savony sy rano isan'andro ihany dia mety ho ampy.
- ◆ Ataovy izay rehetra azonao atao mba hihazonana ilay faritra ho maina sy ho azon'ny masoandro sy rivotra. Soloy matetika ny atin'akanjo sy ny ba kiraro indrindra rehefa tsemboka.
- ◆ Mampiasà menaka fanosotra vita amin'ny solifara sy tavin-kena (Fatra 1 amin'ny solifara afangaro fatra 10 amin'ny tavin-kena).
- ◆ Ny menaka fanosotra sy vovoka misy salicylic na undecylenic acid, na tolnaftate (Tinactin, p. 371) dia manampy amin'ny fanasitanana ny tsindoha eo anelanelan'ny rantsan-tanana; rantsan-tongotra sy ny teta.
- ◆ Ho an'ny tsindoha mahery vaika eo amin'ny hodi-doha, na otrikaretina tsindoha miparitaka be na tsy mety sitran'ireo fitsaboana voalaza etsy ambony dia mihinàna griseofulvin, 1 grama isan'andro ho an'ny olon-dehibe ary antsasaka grama isan'andro ho an'ny ankizy (p. 371). Mety ilaina ny fihinanana izany mandritra ny erinandro vitsy eny fa amam-bolana mba hifehezana tanteraka ny otrikaretina. Ny vehivavy mitondra vohoka dia tsy tokony mihinana griseofulvin.
- ◆ Maro amin'ireo tsindohan'ny hodi-doha no afaka rehefa tody amin'ny fahamaotiana ny ankizy (11 hatramin'ny 14 taona). Ny otrikaretina mahery vaika izay mamorona faritra mivonto lehibe misy nana dia tsy maintsy tsaboina amin'ny kaompresy nolemanana tamin'ny rano mafana (p. 195). Zava-dehibe ny manala ny volo rehetra eo amin'ilay faritra. Mampiasà griseofulvin, raha azo atao.



**Ny atao mba hisorohana ny otrikaretina tsindoha:**

Ny tsindoha sy ny otrikaretina rehetra azo avy aminy dia mifindra (mora miparitaka). Mba hisorohana ny fiparitahany avy amin'ny ankizy iray mankany amin'ny ankizy iray hafa dia:

- ◆ Aza avela matory miaraka amin'ny ankizy hafa ny zaza iray voan'ny tsindoha.
- ◆ Aza avela hitambatra fihogo, na hifandimby servieta na akanjo ireo ankizy, raha tsy efa voasasa na voadio tsara izany.
- ◆ Tsaboy eo no ho eon y zaza voan'ilay aretina.

**HODIM-POTSY EO AMIN'NY TAREHY SY NY VATANA**

Ny **Tinea versicolor** (pityriasis versicolor ) dia aretina avy amin'ny tsindoha izay tsy mahery vaika, miteraka faritra matroka na mazava misy sisiny mamaritra azy izay hita matetika eo amin'ny tenda, tratra ary lamosina. Ireo faritra ireo dia mety hihofaka kely fa tsy mangidihidy. Tsy dia mila fanampiana ara-medikaly izany.

**Fitsaboana:**

- ◆ Manamboara menaka fanosotra vita amin'ny solifara sy tavin-kena (Fatra 1 solifara ho an'ny Fatra 10 tavin-kena) ary hosory amin'ny vatana manontolo isan'andro izany mandrapialany. Na mampiasa menaka fanosotra miady amin'ny tsindoha (p. 371).
- ◆ Ny sodium thiosulfate dia mandaitra kokoa. Izy io dia ilay 'hypo' fampiasan'ny mpaka sary rehefa mamoaka ny sary amin'ny taratasy. Levony ao anaty rano iray vera ny sodium thiosulfate iray sotre fihinanana ary hosory amin'ny tapany ambonin'ny vatana izany. Avy eo dia diliro amin'ny vovon-dandihazo misy vinaingitra ny hoditra.
- ◆ Mba hisorohana ireo faritra ireo tsy hiverina dia ilaina ny mamerina io fitsaboana io isaky ny 2 herinandro.
- ◆ Ny selenium sulfide (p. 371) na diloilon'i Whitfield koa dia mety hanampy




Misy **karazana pentina fotsy kely hafa** izay mpahazo ny zaza mainty fihodirana eo amin'ny takolany rehefa mijanona ela eny amin'ny masoandro izy. Tsy dia tena mazava be ny sisiny mamaritra azy, tsy toy ny tinea versicolor. Tsy otrikaretina ireo faritra ireo ary tsy mampidi-doza. Matetika dia afaka ho azy izy io rehefa mihalehibe ilay zaza. Fadio ny savony mahery ary asio menaka. Tsy mila fitsaboana hafa.

Mifanohitra amin'ny fihevitra ny olona maro, tsy misy amin'ireo karazana hodim-potsy ireo no fambara tsy-fahampian-drà. Tsy afaky ny fanafody mampatanjaka sy vitamina ireo. Ireo pentina eo amin'ny takolaka dia tsy mila fitsaboana.

**TANDREMO:** Matetika ny faritra hatsatra dia fambara mialoha ny **habokana** (jereo p. 191). Ny habokana dia pentina izay tsy tena fotsy be ary mety hiteraka ny **fihenany fahatsapana** rehefa voatsindrona. Raha mateti-pitranga eo amin'ny toerana misy anao ny habokana dia ento ho zahana ilay zaza.

## Hazapotsy (Faritra Fotsy eo amin'ny Hoditra)

Eo amin'ny olona sasany, ny faritra sasany eo amin'ny hoditra dia very loko natoraly (mpanome loko). Avy eo dia mitranga ny tampelaka fotsy. Ny tena hitrangany matetika dia ny tàmana, tongotra, tarehy ary ny tapany ambonin'ny vatana. Io fahaverezan'ny loko natoraly io—antsoina hoe hazapotsy—dia tsy aretina. Azo ampitoviana amin'ny volo fotsy eo amin'ny olona sasany iy io. Tsy misy fitsaboana ilaina amin'izany, saingy mila arovana amin'ny masoandro ilay faritra fotsy—amin'ny akanjo na menaka vita amin'ny oxyde de zinc. Ny menaka fanosotra mandoko manokana dia mety hanampy ireo tampelaka eo amin'ny hoditra tsy dia ho hita be loatra.



## Antony Hafa Mahatonga ny Tampelaka Fotsy amin'ny Hoditra

Misy aretina sasany izay miteraka tampelaka fotsy amin'ny hoditra toy ny hazapotsy. Any Amerika Latina, ny areti-mifindra iray atao hoe **pinta** dia miantomboka amin'ny bontsimbontsina mangana na mena ary mamela tampelaka hatsatra na fotsy.

Ny fitsaboana ny pinta dia benzathine penicillin 2.4 million units izay atsindrona eo amin'ny fitombenana (1.2 million units ho an'ny fitombenana ilany sy ny ilany). Ho an'ny olona tsy mahazaka penicillin dia omeo tetracycline na erythromycin, 500 mg. in-4 isan'andro mandritra ny 15 andro.

Ny otrikaretina tsondoha ihany koa dia miteraka tampelaka fotsy (jereo ny tinea versicolor, ao amin'ny pejy ambadika).

Ny fahaverezana amin'ny ampahany ny lokon'ny hoditra sy ny volo tanteraka na faritra mitampelaka eo amin'ny zaza dia mety ateraky ny tsy fahampian-tsakafo mahery vaika (kwashiorkor, p. 113; na pellagre, p. 208).



## SARON-TAVAN'NY VEHIVAVY BE VOHOKA

Mandritra ny fitondrana vohoka, vehivavy maro no misy faritra mainty, miloko oliva eo amin'ny tarehiny, nono, ary eo afovoan'ny kibony. Indraindray dia afaka izany aorian'ny fiterahana ary indraindray tsy afaka. Ireo marika ireo koa matetika dia miseho eo amin'ny vehivavy mihinana fanafody fanabeazana aizana.

Ara-dalàna ireny ary tsy maneho fahalemena na aretina. Tsy mila fitsaboana.




## PELLAGRE SY ARETIN-KODITRA Hafa ATERAKY NY TSY FAHAMPIAN-TSAKAFO


Ny pellagre dia endrika tsy fahampian-tsakafo izay mahazo ny hoditra sy ny taovam-pandevonan-kanina sy rafi-pitatitra indraindray. Izy io dia miseho amin'ny faritra betsaka mpihinana katsaka na sakafo be tavolo, tsyampy tsaramaso, hena, trondro, atody, legioma sy sakafo mitaiza hozatra sy miaro ny vatana (jereo p. 110).

Famantarana tsy fahampian-tsakafo eo amin'ny hoditra **(jereo ny sary ao anatin'ny pejy manaraka):**

Ny hoditry ny olon-dehibe voan'ny pellagre dia maina sy vakivaky; mivaofy toy ny main'ny masoandro indrindra eo amin'ny faritra azon'ny masoandro:



Eo amin'ny zaza tsy ampy sakafo, ny hoditry ny tongotra (indraindray ny sandry ihany koa) dia mety hisy marika matroka, toy ny mangana, na fery mivaofy; ny kitrokely sy ny tongotra dia mety hivonto (jereo p. 113).



Raha mitranga ireo dia matetika misy famantarana tsy fahampian-tsakafo hafa ihany koa: kibo mibontsika; fery eo amin'ny zoron'ny vava; lela mena sy misy fery; malemitemy; tsy te hihinan-kanina; tsy mety mahazo lanja; sns. (jereo ny Toko 11, p. 112 sy 113).

### **Fitsaboana:**

- ◆ Ny fihinanana sakafo be otrikaina dia manasitrana ny pellagre. Tokony miezaka mihinana tsaramaso, lonjo, voanjo sy akoho, trondro, atody, hena, na fromazy. Raha manana safidy ianao dia tsara kokoa ny mampiasa varim-bazaha (varim-bazaha feno) fa tsy katsaka.
- ◆ Ho an'ny pellagre mahery vaika sy endrika hafa isehoan'ny tsy fahampian-tsakafo dia mety hanampy ny fihinanana vitamina, saingy **ny sakafo tsara no zava-dehibe kokoa**. Ataovy azo antoka fa ny vitamina ampiasainao dia feno vitamina B, indrindra ny niacin. Ny lalivay fampiasan'ny mpanamboatra labiera dia loharanon'ny vitamina B.





Alohan'ny fihinanana sakafo tsara ←

→ Aorian'ny fihinanana sakafo tsara



Ny fivontosana sy pentina mainty eo amin'ny tongotr'ity zazalahy kely ity dia vokatry ny tsy fihinanana sakafo tsara. Katsaka foana no sakafony ary tsy misy sakafo fno proteina sy vitamina.

Herinandro taorian'ny fanombohany nihinana tsaramaso sy atody miaraka amin'ny katsaka dia niala ny fivontosana ary kely sisa dia nanjavona ireo pentina.



Ilay hoditra 'may' eo amin'ny ranjon'ity vehivavy ity dia famantarana pellagre—izay vokatry ny tsy fihinanana sakafo tsara (jereo p. 208).




Ireo pentina fotsy eo amin'ny tongotr'ity ramatoa ity dia vokatry ny areti-mifindra antsoina hoe pinta (jereo p. 207).

**VOTSY (VERRUCAE)**

Ny ankabeazan’ny votsy, indrindra eo amin’ny ankizy, dia maharitra 3 hatramin’ny 5 taona ary miala ho azy. Ny pentina fisaka, manaintaina toy ny votsy eo amin’ny faladian-tongotra dia ‘votsim-paladian-tongotra’. (Na mety no kitro. Jereo eo ambany).

**Fitsaboana:**

- ◆ Ny fitsaboana majika na namboarina tao an-trano matetika dia manala ny votsy.  
Fadio ny mampiasa asidra matanjaka na zavamaniry misy poizina satria mety hiteraka fahamaizana na fery ratsy kokoa noho ilay votsy izany.
- ◆ Ny votsim-paladian-tongotra manaintaina indraindray dia afaka esorin’ny mpiasan’ny fahasalamana.
- ◆ Ho an’ny votsy eo amin’ny filahiana, fivaviana, na manodidina ny lava-body, jereo p. 402.




**KITRO**

Ny kitro dia faritra mafy sy matevina eo amin’ny hoditra. Miforona eo amin’ny faritra potserin’ny kapa na ny kiraro izy io, na rehefa mifanindry ny rantsan-tongotra. Mety hanaintaina be ny kitro.


**Fitsaboana:**

- ◆ Manaova kapa na kiraro tsy manindry ny kitro.
- ◆ Mba tsy dia hampanaintaina be loatra ny kitro dia ataovy ity:

1. Alonay ao anaty rano mafana mandritra ny 15 minitra ilay tongotra.




2. Kikiso amin’ny rapy ilay kitro mandrapanify azy.



Vovon-dandihazo nahorona

3. Fonosy ny manodidina ilay kitro mba tsy ho terin’ny kiraro na hanery rantsan-tongotra iray hafa. Fonosy ao anaty lambakely malefaka ilay tongotra na kitro mba hahazoana lamba matevina ary asio lavaka manodidina ilay kitro.



Vovon-dandihazo na baoritra

## MIBONTSIBONTSINA SY TAIN-KODITRA (MONY)

Indraindray ny zatovo dia misy mony eo amin'ny tarehiny, tratrany na lamosiny—indrindra raha be menaka loatra ao anatin'ny hodiny. Ny mony dia mibontsina kely misy lohany fotsy kely misy nana na tain-koditra mainty kely. Indraindray izy ireny dia mivadika fery na mihalehibe.


### Fitsaboana:

- ◆ Sasao amin'ny savony sy rano mafana in-2 isan'andro.
- ◆ Sasao isaky ny 2 andro ny volo raha azo atao.
- ◆ Ny masoandro dia manampy amin'ny fanalàna mony. Avelao ho azon'ny masoandro ireo faritra voa amin'ny vatana.
- ◆ Mihinàna sakafo araka izay betsaka azonao atao, misotroa rano betsaka ary ataovy ampy ny torimasoa.
- ◆ Aza mampiasa fanamandinana ny hoditra na volo be savoka, menaka na jabora.
- ◆ Alohan'ny hatory dia asio fangaro alikaola sy solifara eo amin'ny tarehy, (Fatra 10 alikaola 10 ary fatra 1 ny solifara).
- ◆ Ho an'ny tranga mahery vaika izay mamorona fivintosana misy kitapokely feno nana, raha toa ka tsy mihatsara rehefa avy nampiasana ireo fomba voalaza teo aloha dia mety hanampy ny tetracycline. Mihinàna vongany 1 in-4 isan'andro mandritra ny 3 andro avy eo dia vongany 2 isan'andro. Mety ilaina ny mihinana vongana tetracycline 1 na 2 isan'andro mandritra ny volana maro.



## HOMAMIADAN'NY HODITRA

Ny homamiadan'ny hoditra dia mitranga matetika amin'ny olona manana hoditra mazava loko izay mijanona fotoana maharitra eny amin'ny masoandro. Matetika izy io dia mitranga eo amin'ny faritra azon'ny herin'ny masoandro be indrindra:



Mety hanana endrika maro ny homamiadan'ny hoditra. Matetika dia miantomboka amin'ny boribory kely miloko toy ny perla ary misy loaka eo afovoany. Mitombo tsikelikely izany.

### Ny ankabeazan'ny homamiadan'ny hoditra dia tsy mampidi-doza raha voatsabo ara-potoana.

Mila fandidiana ny manala azy ireny. Raha toa ka misy fery maharitra eo aminao izay mety ho homamiadan'ny hoditra dia mandehana manantona dokotera.

Mba hisorohana ny homamiadan'ny hoditra, ny olona manana hoditra miloko mazava dia mila miaro ny tenan'izy ireo amin'ny masoandro ary tokony manao satroka foana. Ireo olona efa voan'ny homamiadan'ny hoditra ka tsy maintsy miasa amin'ny masoandro dia afaka mividy menaka fanosotra manokana mba hiarovany ny tenany. Ny menaka vita amin'ny oxyde de zinc dia mora vidy ary mandaitra tsara.


**RABOKA AMIN'NY HODITRA NA ATODY TARIMO**

Ilay mikraoba izay miteraka ny raboky ny avokavoka koa indraindray dia mahazo ny hoditra, ka dia miteraka

Fivontosana manimba ny tarehy,



Tampelaka misy fery maharitra,



Fery eo amin'ny hoditra,



OR

Votsy lehibe



Ireo rehetra ireo dia tsy marary.

Araka ny fitsipika, ny raboky ny hoditra dia mihombo miadana, maharitra ela ary miverimberina ao anatin'ny volana na taona maro.

Ny raboka ihany koa dia mahazo ny atody tarimo indraindray—matetika dia mahazo ireo eo amin'ny tenda na ny faritra aorian'ny taolan-tenda, eo anelanelan'ny tenda sy ny soroka. Lasa lehibe ireo atody tarimo, misokatra, mamoaka nana, misy fotoana mikatona, avy eo misokatra ary mamoaka nana indray. Matetika dia **tsy marary izy ireo.**




RABOKY NY ATODY TARIMO, NA SCROFULA

**Fitsaboana:**

Raha mikasika ny fitsovahana maharitra, fery na atody tarimo mivonto dia tsara kokoa ny manatona dokotera. Mety ilaina ny fitiliana mba ahafantarana ny antony. Ny raboky ny hoditra dia tsaboina toy ny raboky ny havokavoka (jereo p. 180). Mba hanakanana ny otrikaretina tsy hiverina dia mila tohizana mandritra ny volana maro aorian'ny fahasitranan'ilay hoditra ny fihinanana fanafody.

**FOZAHAVATRA SY ARETIN'NY SELA**

**Ny fozahavatra** (na afon'i St. Anthony) dia otrikaretina mahery vaika manaintaina (tampoka) eo amin'ny hoditra. Izy io dia mamorona faritra mitapelaka mafana, mena midorehitra ary mivonto, ary mivoitra ny sisiny. Miparitaka haingana be manerana ny hoditra ilay faritra mitapelaka. Matetika dia miainga eo amin'ny tarehy izy io, eo amin'ny sisin'ny orona. Izy io matetika dia miteraka fivontosan'ny atody tarimo, hafanana sy fangovitana.



**Ny aretin'ny sela** ihany koa dia dia otrikaretina mahery vaika manaintaina izay miseho na aiza na aiza eo amin'ny vatana. Matetika izy io dia mitranga aorian'ny nisian'ny fahavakisana teo amin'ny hoditra. Lalina kokoa ilay maharary ary tsy dia mazava noho ny sisin'ny fozahavatra ny sisin'ilay faritra mitapelaka.

**Fitsaboana:**

Ho an'ny fozahavatra sy ny aretin'ny sela, atombohy faran'izay haingana ny fitsaboana. Ampiasao ny antibiotika: vongana penicillin, 400,000 units, in-4 isan'andro, eo amin'ny tranga mahery vaika dia ampiasao ny tsindrona procaine penicillin, 800,000 units isan'andro (jereo p. 352). Tohizo ny fampiasana ny antibiotika mandritra ny 2 andro aorinan'ny tsy fisian'ny famantarana ny aretina intsony. Mampiasa ihany koa kaompresy mamay— ary aspirinina ho an'ny fanaintanana.

## FERY MANDOAKA

Izy io dia otrikaretina mampidi-doza mahazo ny ratra izay mamooaka rano miloko volondavenona na volontany mamofona maimbo. Ireo hoditra manamorona ilay fery dia mety hisy mibontsin-drano miloko matroka ary mety hisy mibontsin-drivotra ao anatin'ny nofo. Ny otrikaretina dia mety hitranga eo anelanelan'ny 6 ora sy 3 andro aorian'ny naharatràna. Miharatsy haingana be izy io ary miparitaka haingana. Raha tsy voatsabo dia mety hitarika fahafatesana ao anatin'ny andro vitsy.




### Fitsaboana:

- ◆ Sokafy faran'izay lehibe indrindra azo atao ilay fery. Sasao amin'ny rano nampangotrahana sy nampangatsiahana miaraka amin'ny savony. Diovy ilay nofo maty sy simba. Raha azo atao dia tondraho eau oxygénée isaky ny adiny 2.
- ◆ Tsondrony penicillin (crystalline raha azo atao), 1,000,000 (iray tapitrisa) units isaky ny adiny 3.
- ◆ **Aza saronana ilay fery mba ho azon'ny rivotra. Mitadiava dokotera.**



## BAY EO AMIN'NY HODITRA ATERAKY NY TSY FIKORINAN'NY RA TSARA

Ny bay eo amin'ny hoditra na fery lehibe misokatra dia misy antony maro (jereo p. 20). Na izany aza, ny bay maharitra eo amin'ny kitrokelin'ny olona efa nahazo taona, indrindra ny vehivavy misy varisy dia matetika avy amin'ny tsy fahampian'ny rà mikorina ao. Tsy mikoriana haingana ny tsara ny rà eo amin'ny ranjo. Ireo karazana bay ireo dia mety hihitatra ho lasa lehibe. Ny hoditra manodidina ilay bay dia miloko manga be, mangirana, ary manify kely. Matetika dia mivonto ilay tongotra.



### Fitsaboana:


- ◆ Miadana be ny fahasitranan'io bay io—ary tsy sitrana raha tsy mila fikarakarana be. Ny zava-dehibe indrindra: **ataovy ambony foana ilay tongotra** ataovy matetika araka izay tratra. Ataovy ambony ondana rehefa matory. Mandritra ny andro dia makà aina ary ataovy ambony ilay tongotra isaky ny 15 na 20 minitra. **Ny fandehandehanana dia manampy ny fikorinan'ny rà, saingy ny fijoroana ela sy ny fipetrahana miaraka amin'ny tongotra apetraka ambany dia mampidi-doza.**
- ◆ Asio kaompresy nasiana rano matimaty misy sira kely eo amin'ilay bay— sira 1 sotrokely ho an'ny rano nampangotrahana iray litatra. Sarony moramora amin'ilay kaompresy voadio na lamba madio ilay bay. **Tandrempy foana ny fahadiovany.**
- ◆ Tohano amin'ny ba na bandy azo roritina ilay varisy. Tohizo ny fampiasana ilay tongotra ary ataovy ambony foana aorian'ny fahasitranan'ilay bay. Tandrempy sao haorina na ratraina ilay takom-pery malemy.
- ◆ Ny fitsaboana ireo bay amin'ny tantely na siramamy dia mety handaitra (jereo p. 214).



**Sorohy ny bay amin'ny hoditra—tsaboy mialoha ny varisy (jereo p. 175).**

## FERY ATERAKY NY FATORIANA MAHARITRA (FERY ATERAKY NY FANINDRIANA MAHARITRA)


Ireo fery misokatra maharitra ireo dia mahazo ny olona izay marary mafy ka tsy afaka mivadika eo am-pandriana, indrindra eo amin'ny olona efa nahazo taona izay marary sady mahia no malemitemy. Ireo fery dia miforona eo amin'ny faritra misy taolana manindry ny hoditra amin'ny fandriana. Izy ireo dia matetika hita eo amin'ny vody, lamosina, soroka, kiho na ny tongotra.



Ho an'ny resaka feno kokoa mikasika ny fery ateraky ny fanindriana maharitra dia jereo ny Ankizy Manan-kilema eo An-tanàna, Toko 24, na Boky Kely mikasika ny Fakasalamana ho an'ireo Vehivavy Manan-kilema, pejy 114 hatramin'ny 117.

Ahoana ny atao hisorohana ny:

- ◆ Avadiho isaky ny adiny iray ny olona marary: atao mitsilany, mihohoka, mihorirana.
- ◆ Ampandroy isan'andro izy ary osory menaka fanosotra ny zaza ny hodiny.
- ◆ Mampiasa lambam-pandriana. Soloy isan'andro sy isaky ny maloton'ny amany, diky, lo, sns., ireo lambam-pandriana.
- ◆ Asio ondana ao ambanin'ilay olona mba tsy hanindry mafy loatra ilay faritra maranitra taolana.



- ◆ Omeo sakafo tsara araka izay azo atao ilay olona marary. Raha toa tsy misakafo tsara izy dia mety hanampy ny fihinanana vitamina sy vy fanampiny (jereo p. 118).
- ◆ Ny zaza voan'ny aretim-be maharitra dia mila ampofoin'ny reniny matetika.


Fitsaboana:

- ◆ Ataovy ireo rehetra voalaza eo ambony.
- ◆ Sasao amin'ny rano nampangotrahana sy nampangatsiahana sy savony in-3 isan'andro ireo fery. Esory moramora ireo nofo maty. Kobano tsara amin'ny rano nampangotrahana sy nampangatsiahana.
- ◆ Mba hiadiana amin'ny otrikaretina sy hanafaingana ny fahasitranana dia asio tantely, siramamy na siramamy gasy ireo fery. (Ny feta vita avy amin'ny tantely sy siramamy dia mora ampiasaina). Zava-dehibe ny manadio sy manosotra ireo voalaza ireo ilay fery farafahakeliny in-2 isan'andro. Raha lasa manify be ilay tantely na siramamy miaraka amin'ny rano avy amin'ilay fery dia lasa mamahana ireo mikraoba izany fa tsy mamono azy.

## ARETIN-KODITRY NY ZAZAKELY

### Fitsovahana Ateraky ny Taty

Ny faritra mena mitsovaka eo anelakelampeny ny zazakely na eo amin'ny vodiny dia mety ateraky ny amany ao anatin'ny taty na lambampandriana.




#### Fitsaboana:

- ◆ Ampandroy isan'andro amin'ny rano matimaty sy savony malefaka ny zaza. Fafao moramora izy.
- ◆ **Mba hisorohana na hitsaboana ilay fitsovahana dia tokony avela hiboridana ilay zaza, tsy asiana taty, ary tokony entina eny amin'ny masoandro.**
- ◆ Rehefa feno ny taty dia soloy matetika. Rehefa avy sasàna ny taty dia kobano amin'ny rano nasiana vinaingitra kely.
- ◆ Tsara kokoa raha tsy mampiasa *talç* (vovoka *talcum*), saingy raha mampiasa izany ianao dia andraso ho afaka ilay fitsovahana.

### Angadrano (Tainkombindoha, *Seborrhea*)


Ny angadrano dia takom-pery misy menaka miloko mavo hatramin'ny fotsy izay matetika miforona ary mitampelaka eo amin'ny hodi-doha, eo amin'ny takolaka, andrina, volomaso, orona sy sofina ihany koa. Matetika ny hoditra dia mena ary mirehitra. Eo amin'ny zazakely, ny angadrano matetika dia avy amin'ny tsy fanasana ny lohan'ny zaza, na ny fanaronana ny lohany matetika. Izy io koa dia olana mahazo ireo olona voan'ny VIH.



#### Fitsaboana:

- ◆ Sasao isan'andro ny loha. Mandaitra ny savony misy fanafody saingy matetika dia mety tsara ny savony tsotra sy rano (jereo p. 370).
- ◆ Esory moramora ireo angadrano sy ny takom-pery. Mba hanalefahana ny hangadrano sy ny takom-pery dia fonosy servieta nolemana tamin'ny rano matimaty aloha ny loha.

AZA SARONANA  
SATROKA NA LAMBA NY  
LOHAN'NY ZAZA.  
AVELAO TSY  
HISATROKA NY  
LOHANY.



- ◆ Aza **satrohana** ny zaza, avelao ho azon'ny rivotra sy ny masoandro.
- ◆ Raha toa misy famantarana otrikaretina dia tsaboy toy ny mitsabo bay mitsiranoka (jereo p. 202).

## FARASISA (FARITRA MITAPELAKA MILOKO MENA MISY MIBONTSIN-DRANO KELY)

### Famantarana:

- Eo amin'ny zaza madinika: faritra mitapelaka miloko mena na mitsovaka miforona eo amin'ny takolaka na eo amin'ny sandry sy ny Tanana indraindray. Ilay fitsovahana dia misy fery kely na mibontsin-drano mitsiranoka na mitete (tsiranoka vaky na miparitaka).
- Eo amin'ny ankizy sy olon-dehibe: ny farasisa dia maina kokoa ary mateti-pitranga ao ambany laferana sy ao ambadiky ny kiho.
- Tsy miantomboka toy ny otrikaretina izy io fa toy ny trangana tsy fahazakana zavatra.




### Fitsaboana:

- ◆ Asiana kaompresy mangatsiaka eo amin'ilay fitsovahana.
- ◆ Raha mihombo ny famantarana otrikaretina (p. 88) dia tsaboy toy ny mitsabo bay mitsiranoka (p. 202).
- ◆ Avelao ho azon'ny masoandro ireo faritra mitapelaka.
- ◆ Raha misy tranga sarotra tsaboina dia mampiasà menaka cortisone na cortico-steroid (jereo p. 370). Na ny arin-tany koa dia manampy. Mitadiava dokotera.

## PSORIASIS (HODITRA MENA SY MIHOFAKA)

### Famantarana:

- Hoditra misy faritra mitapelaka matevina sy mafy, mivoaramena na mangana volondavenona misarona mihofaka manopy fotsy na milokom-bolafotsy. Ireo faritra mitapelaka ireo dia miseho indrindra eo amin'ireo faritra aseho eto amin'ny sary.
- Ireo tranga ireo matetika dia maharitra fotoana ela ary miverimberina matetika. Tsy otrikaretina izy io ary tsy mampidoza.



### Fitsaboana:

- ◆ Ny famelana ilay hoditra ho azon'ny masoandro matetika dia manampy.
- ◆ Ny fandroana anaty ranomasina dia manampy.
- ◆ Mitadiava dokotera. Tsy maintsy tohizana fotoana maharitra ny fitsaboana.